Vinavina ny mety ho rotsakorana:

Antoka ho fampandeanana ny drafitrasa amin'ny fotoana maharitra

(MANAN-KERY NY 12 HATRAMIN'NY 25 NOVAMBRA 2018)

Hotohizana hatrany ny famaliana ny hetahetan'ny besinimaro amin'ny fanomezana ho antsika ny vinavina ny amin'ny habetsahan'ny orana mandritra ny roa herinandro ho avy. Hahafahana miomana mialoha ny amin'ny fotodrafitrasa sy ny sehatra fambolena sy fiompiana ary ny asa andavanandro no anton'izany.

Raha atao jery todika ny herinandro lasa izany hoe ny 05 hatramin'ny 11 Novambra dia antonony ny rotsakorana (50 hatramin'ny 75mm) tamin'ny distrikan'ny Antsirabe sy Mananjary, fa malefaka na antonony kosa izany (25 hatramin'ny 50mm) tamin'ny distrikan'i Nosy Be, Antananarivo Avaradrano, Fianarantsoa sy Taolagnaro.

Ho antonony na ho betsaka ny rotsakorana (75 hatramin'ny 150mm) ny herinandro voalohany izany hoe ny 12 hatramin'ny 18 Novambra amin'ny distrikan'ny Nosy Be, Ambanja, Analalava, Moramanga, Anosibe Anala, Ambohimahasoa, Fianarantsoa, ary ny ankamaroan'ny distrikan'ny faritry Bongolava, Analamanga, Itasy, Vakinankaratra, Amoron'i Mania sy Vatovavy Fitovinany.

Ny herinandro faharoa izany hoe ny 19 hatramin'ny 25 Novambra dia antonony na ho betsaka ny rotsakorana (75 hatramin'ny 150mm) amin'ny ankamaroan'ny distrikan'ny Faritra Alaotra Mangoro sy Analamanga, ary ny distrikan'ny Tsaratanana, Ambatolampy, Antanifotsy, Antsirabe I sy II, Faratsiho, Fandriana, Midongy Atsimo sy Befotaka.

Miverina ho ambany ny tahan'ny mahakasika ny rivodoza ny 12 hatramin'ny 18 Novambra na dia eo aza ny fivoaran'ny andian-drahona izay navelan'ilay rivodoza ALCIDE tao avaratry Madagasikara. Ny herinandro manaraka (19 hatramin'ny 25 Novambra), tsy atahorana raha ny fiforonan'ny rivodoza.